## Ny fanafiana masina

Rehefa miditra ho mpikamban'ny Fiangonana ianao dia mandray ôrdônansy roa: ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana. Ny fanafiana masina any amin'ny tempoly dia raisina amin'ny ampahany roa tahaka izany koa.

Ao amin'ny fizarana voalohany, dia hahazo ny antsoina hoe ôrdônansy "fiomanana" amin'ny toerana mangina sy ho an'ny tenanao manokana ianao. Ireo ôrdônansy ireo dia ahitana fitahiana manokana mikasika ny lova masinao sy ny fahafahanao ho tonga tahaka an' Andriamanitra. Ao anatin'ireo ôrdônansy ireo dia hahazo lalana hanao ny garmenta masin'ny tempoly koa ianao.

Ao amin'ny ampahany faharoa ianao dia hahazo ny sisa tavela amin'ny fanafiana masina ao anatina vondron'olona iray. Izany dia atao ao amin'ny efitrano fampianarana iray miaraka amin'ny olona hafa izay tonga ao amin'ny tempoly. Aseho mandritra izany ireo ampahany amin'ny trangan-javatra hita ao anatin'ny drafitry ny famonjena. Anisan'izany ny Fahariana, ny Fahalavoan'i Adama sy i Eva, ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy, ny Apôstazia ary ny Famerenana amin'ny laoniny. Hianatra kokoa momba ny fomba ahafahan'ny olona rehetra miverina eo anatrehan'ny Tompo ihany koa ianao. Aseho amin'ny alalan'ny horonan-tsary ny ampahany sasany amin'ny fanafiana masina ary ny sasany kosa dia ataon'ireo mpiasan'ny tempoly.

Asaina ianao hanao fanekempihavanana vitsivitsy amin' Andriamanitra mandritra io ôrdônansin'ny fanafiana masina io. Tafiditra ao anatin'ireo fanekempihavanana ireo ireto manaraka ireto:

- Lalàn'ny fankatoavana, izay ahitana ny fiezahana mafy hitandrina ny didin' Andriamanitra
- Lalàn'ny fahafoizan-tena, izay ahitana ny fanaovana izay rehetra azontsika atao mba hanohanana ny asan'ny Tompo sy ny fibebahana amin'ny fo torotoro sy fanahy manenina
- Lalàn'ny filazantsara, dia ilay lalàna ambony kokoa izay nampianarin'i Jesoa fony Izy teto an-tany
- Lalàn'ny fahadiovam-pitondrantena, ary tafiditra ao anatin'izany ny hoe ny olona iray dia tsy manao firaisana ara-nofo afa-tsy amin'ny olona izay vadiny ara-dalàna sy araka ny lalàn' Andriamanitra
- Lalàn'ny fanokanana, ary tafiditra ao anatin'izany ny hoe manokana ny fotoanantsika, ny talentantsika, ary ny zavatra rehetra izay nitahian'ny Tompo antsika mba hananganana ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto an-tany

Rehefa mitandrina ny fanekempihavananao ianao dia manakaiky kokoa ny Mpamonjy ary mihamahery kokoa ny fifandraisanao Aminy. Mampanantena Andriamanitra fa ireo izay mitandrina ny fanekempihavanany dia hahazo fitahiana eto amin'ity fiainana ity sy fahafahana hiverina hiara-hiaina Aminy mandrakizay.

Rehefa tapitra ilay fanafiana masina dia miverina eo anatrehan'ny Tompo amin'ny endrika sary ohatra ireo mpandray anjara rehefa miditra ny efitrano selestialy. Rehefa tonga ao ianao dia afaka manokana fotoana hisaintsainana, hivavahana, hamakiana soratra masina, na hizarana amim-pahanginana ny eritreritrao amin'ny fianakavianao sy ny namanao. Toerana feno fiadanana izy io, izay ahitanao fampiononana sy fitarihana avy amin' Andriamanitra koa. (Jereo ny "About the Temple Endowment," temples.ChurchofJesusChrist.org.)



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_432-1